# COMMUNIQUE DE PRESSE

## Fédération Sport Boules Malagasy (FSBM)

Izahay mpikambana mpanorina ny **FSBM** dia faly mandray anareo etoana, ny fanampahankevitray dia ny fanolorana fitantànana sy vina fampandrosoana ny taranja tsipy kanetibe ho voninahitr'i Madagasikara.

Nanao fangatahana niaraka izahay teo anivon'ny fikambanana iraisampirenena FIPJP, miaraka aminy vahaolana maharitra amin'ny fitantanana ny taranja Sport Boules eto Madagasikara. Gaga sy talanjona izahay ny 05 mai 2019, raha naharay ny fanendrena ny FSBM hisolontena ny FIPJP eto Madagasikara.

Efa nisy fanambarana offisialy izay natolotra ny Minisiteran'ny misahana ny Fanatanjahan-tena ary efa andalàna ny fametrahana aram-panjakana ny FSBM, anisan'izany ny fanambarana ampahibemaso atrehanareo izao, sy ny fanazavana atolotra ireo ratsa-mangaika rehetra aminy fomba fiasa vaovao.

Isaorana ny Ministera sy Ramatoa Tale Jeneraly ny Fanatanjahatena (DGS), nandray sy nanolotra vahaolana amin'ny fanatanterahana izany, araka ny fankatoavana efa azo avy amin'ny Federasiona iraisam-pirenena.

Isan'ny andraikitra nomena anay ny hameranana amin'ny laonina ny fomba fitantanana sy ny fifandraisana amin'ny Minisitera misahana ny Fanatanjahan-tena amin'io rafitra vaovao hitantana ny tsipy kanetibe io indray.

Izao no atao dia mba ahafahan'ny taranja tsipy kanetibe Malagasy hanohy ireo fifaninana iraisam-pirenena ka hiatomboka **amin'ny "Championnat d'Afrique" ny 13,14, 15 sy 16 jiona 2016 any – TOGO, ary ny Championnat du Monde Jeunes et Féminine au Cambogde amin'ny volana Novambra amin'ity taona 2019 daholo.**

Tsy maintsy hisy noho izany ny fifaninanam-pirenena misokatra ho an'ny rehetra "triplettes hommes" na olon-telo miaraka lehilahy ka ny mpandresy no hisolotena antsika.

Marihina fa "qualification" fandraisana anjara amin'ny Championnat du Monde 2020 izay hatao any Lausanne – Suisse io, ary tsy maintsy mandray anjara @ Championnat d'Afrique mialoha an'izany.

Farany dia tsy haiko ny tsy hisaotra ny « Fédération Internationale de Pétanque » sy ny Filohany Andriamatoa Claude AZEMA izay nanaiky ny vina fampandrosoana natolotray sy nametraka fitokisana ny fitsanganan'ny FSBM.

Mikasika manokana ireo manana karapilalaovana na "licence" any ivelany (ohatra: Frantsa, …. ) dia tsy afaka hilalao izy ireo mba hialàna amin'ny double licence , satria isan'ny nahitantsika loza izany fomba fanao izany.

Marihiko ihany eto ampamaranana fa tsy manana fahavalo na iza na iza ny tenako fa vonona hiara-hiasa amin'ireo izay manaja antsakany sy andavany ny fitsipika mifehy ny kanetibe ary tsy handefitra kosa manoloana ny fanakorontanana mety hitranga.

Misaotra betsaka anareo namana mpanao gazety namaly ny antso sy ireo namana mpilalao, mpankafy ny tsipy kanetibe manatrika eto.

Mankasitraka Tompoko.